


# ALAHADY FAHEFATRA FIAVIANA - TAONA A2019



## MIANTSOKA ANTSIKA MBA HO IRAY TAM-PO AMINY NY ZANAK'ANDRIAMANITRA

Ry Kristianina havana, ankafaliana ankaravoana tokoa no anolorako ny fiarahabana sy ny firariantsoa ho antsika oloaraiky jiaby amin'izao andron'ny noely izao. Fety lehibe ho antsika ary indrindra amin'izao taona masina ny misiona izao. I Jesoa Kristy ilay olona faharoa amin'ny Trinite masina no misionera voalohany satria izy no nirahin'Andriamanitra Ray ho eto anivontsika ka Andriamanitra eto anivontsika no ankalazantsika amin'izao Noely izao, Emanoela no anarany. Faly sy ravo miarahaba antsika rehetra ary hidirantsika amin'ny fankalazana ny faha 100 taona FET sy ny kongresy eokaristika. Ny eokaristia dia noely isanandro, isaky ny mankalaza ny eokaristia isika dia Andriamanitra eo anivontsika. Tsy misy vaovao lehibe mihoatra izao ankalazantsika androany izao dia Andriamanitra miaramonina amintsika.

Isika rehetra vita batemy dia Kristy mpiara-belona amin'olona satria ny teny hoe Kristianina anarantsika izany hoe identitentsika dia avy amin'i Kristy, olo araiky ao amin'I Kristy isika ka ankafaliana no iarahabana antsika jiaby satria fetintsika rehetra androany. Asongadina koa ireo

mitondra ny anarana Noely sy Emanoela satria nandray ny anaran'Andriamanitra izy ireo. Izany no ankalazantsika ry Kristianina havana. Na ireo izay tsy mivavaka aza, na ireo tsy Kristianina aza dia faly mankalaza an'izao noely izao satria araky ny vakiteny faharoa taratasy ho an'ny Hebreo

**Vakiteny I : Iz. 52, 7-10**  
**Salamo : Sal. 97**  
**Vakiteny II : Heb. 1, 1-6**  
**Evanjely : Jo. 1, 1-18**

"*Fahiny tamin'ny fotoana sy ny fomba samihafa, dia efa niteny tamin'ny razantsika Andriamanitra, tamin'ny vavan'ny mpaminany; fa amin'izao andro farany izao kosa indray, dia tamin'ny Zanany no nitenenany tamintsika, dia llay notendreny ho Mpandova ny zavatra rehetra sy nahariany an'izao tontolo izao*". Naniry dia naniry hatramin'ny voalohany ny zanak'olombelona hiombona amin'Andriamanitra, rehefa nanota isika dia nikatsaka mandrakariva ny fomba hazahoantsika hifandray amin'Andriamanitra isika olombelona, tsy tony tokoa ny fontsika raha tsy ao amin'Andriamanitra satria noharian'Andriamanitra mitovy endrika

aminy isika ary tsy mahagaga ry Kristianina havana raha nanaiky ho tonga olombelona ny zanak'Andriamanitra satria tsy misy lalankafa hahafahantsika miombona amin'Andriamanitra raha tsy amin'ny alalan'izy nietry ho tonga olombelona mitovy amintsika.

Fantantsika fa tsy hahatakatra na oviana na oviana An'Andriamanitra isika, izany ny vokatry ny fahotana. Ireo niezaka nanao tour de Babel ny tilikambon'I Babely dia nihevitra izay hanakarana an'Andriamanitra, tsy ho takatra na oviana na oviana anefa Andriamanitra amin'ny maha mpanota antsika fa noho ny famindrampony, noho ny fitiavany dia nidina izy araky ny hira manakoako ataontsika "ny lapan'ny lanitra izao dia nivoha". Izy no namoha ny fony, ho antsika I Jesoa no fon'Andriamanitra tonga teto amintsika. Izany ny vaovao mahafaly ny noely. Nivoaka tamin'ny Trinite Masina I Jesoa Olona faharoa ny Trinite Masina ka tonga eto amintsika, tonga olombelona mba hahatonga antsika olombelona ho zanak'Andriamanitra. Izy no misionera voalohany. Isika koa raha te ho misionera tsy maintsy mivoaka manompo ny hafa manodidina antsika

Araka ny taratasin'ny Hebreo, tonga eto anivontsika izy, tsy ho antsika mahalala fotsiny fa ho an'olombelona rehetra satria noharan'Andriamanitra hitovy endrika aminy isika rehetra, hahita ny famonjen'Andriamanitra ny vazantany rehetra. Tonga nofo tokoa ny zanak'Andriamanitra, izany no nohalalinintsika nandritra ny telo volana ka mbola tohizantsika amin'izao Dia sady Ady hirosoantsika amin'ny fankalazana ny faha 100 taona ny FET sy ny kongresy eokaristika.

Maro ny zavatra manakasakana tsy hahafahantsika mandray ny Teny eo anivontsika dia I Kristy ary izany indrindra no nambaran'ireo vakiteny nandritra ny fiaviana. I Joany Batista no mpialoha lèlana modely ho antsika ka hahafahantsika manomana araky ny fiaianany, tsy maintsy misy ny fiafiana, tsy maintsy misy ny fibebahana, izany no namporisihina antsika ka natao izany fampirisihana izany satria ady amin'ny ratsy ny fiaianantsika dia ny fahotana : ireny fialonana eo amintsika ireny ka manapotika ny fiaianantsika, ny avonavona, ny fitiavantena ka mahatonga ireny halatra isankarazany sy ny herisetra, faniliklikhana, fanapotehana ny zavaboaary amin'ny alalan'ny tevy ala sy afo ary fantantsika ny vokatr'izany eo amin'ny tontolo manodidina antsika, potika ny tontolo iainana ka potika ny fiaianantsika. Eny na dia ny ezaka ataontaiks amin'ny fambolena hazo aza dia potika tokoa noho ny herisetra ka ny tontolom-pifandraisantsika sy ny tontolom-piaianantsika andavanandro dia tena potika ka aoka isika hibebaka. Manana modely isika dia I Josefa sy Maria, mety mieritreritra isika fa tsy ho takatra izany, sanatria izany , nomen'Andriamanitra fahasoavana izy ireo, isika koa dia nomen'Andriamanitra fahasoavana hahafahantsika hiaina ny marina. Ny ezaka ataontsika dia mandray an'i Jesoa. Mandray an'i Jesoa isika raha mamenno ireo siny enina : mivavaka, mandalimpinoana, manompo, mandray an-tanana, mivory, mankalaza

Araka ny Evanjely henontsika androany dia nisy hafatry nataon'ny anjely tamin'ireo mpiandry ondry, "AZA MATAHOTRA" hafatra miantefa amintsika koa izany teny izany satria i Jesoa miaraka amintsika ary vaovao mahafaly eo anivontsika.

Mety mavesatra sy sarotra ny Dia, aoka isika tsy ho very lèlana fa handray ny Teny tonga nofo, mba hijaradia lalandava amin'I Kristy. Ny Teny tonga nofo dia midika ny Tenin'Andriamanitra tokoa no manilo ny fiaianantsika sy mitarika antsika ka tsy misy tokony ampatahotra antsika. Araky ny Tenin'Andriamanitra androany dia ho aoka vonona isika, aoka ho tsapantsika fa mpahary tokoa Andriamanitra ka rehefa mandray azy isika eo anivon'ny fiaianantsika dia ho volavolainy araka ny sitrapony isika. Raha tanteraka tokoa izany dia hamokatra tsara ny fiaianantsika. Izy no fahazavana, izany hoe manilo antsika ka raha mandray azy isika araky ny voalazan'ny Evanjely 'ho an'izay rehetra

mandray azy dia homena fahasoavana maha zanak'Andriamanitra. Izany no ezaka ataontsika, hametraka Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika ka miova ny fiainantsika, izany hoe ilay takalo sarobidy dia ho antsika tsirairay avy dia tsy inona fa i Jesoa zanak'Andriamanitra nanaiky ho tonga olombelona mba hahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra.

Ny takalo dia zavatra mitovitovy no atakalo nefo eto tena ohatry ny very azo lazaina aza raha fomba fijery andavanandro voa mafy Andriamanitra raha oharina amin'ny "valeran'ny" takalo eto satria tsy mitovy mihintsy ny "valera" satria ny maha Andriamanitra Azy no nataony tsinontsinona mba hahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra, ka isika izany no mahazo tombony satria isika no lasa zanak'Andriamanitra. Raha ataontsika amin'ny resaka takalo mahazatra hoatry ny varotra, dia very tombotsoa Andriamanitra. Nefo fitivana Andriamanitra ka noho ny fitiavana tsy misy fetra ao amin'Andriamanitra dia ny famindampony, izay tsy takatry ny saintsika dia nahafoy izy, izany ny Noely , mampibaribary ny famindrampon'Andriamanitra eto anivontsika ary tanteraka araky ny voalazantsika teo ny hetahetampontsika ka aoka ho tsapantsika raha mandray ny Tenin'Andriamanitra isika Izy manazava ny fiainantsika, izany hoe araky ny sitrapon'Andriamanitra no entintsika mivelona dia hiadana sy ho finaritra isika. Tanteraka izany raha feno ny siny enina

Izany no hamenoantsika ireo siny enina mba hiditra amin'ny fiainantsika Andriamanitra :

Ny voalohany dia ny mivavaka – fifandraisana amin'Andriamanitra ny fivavahana,

Ny faharoa mandalinam-pinoana izay mampivahatra ny fiainantsika andavanandro miaraka amin'ny finoana,

Ny fahatelo dia ny mandray an-tànana izany hoe miroso lalindalina kokoa isika amin'ny fikolokoloana ny tontolo iainantsika sy ny tontolom-piaianantsika ary ny tontolom-pinoanantsika,

Ny fahefatra isika manompo izany hoe miroso amin'ny alalan'ny fikambanana masina, tsy zavatra ety ivelany fotsiny ny tenue na ny akanjo ny maha fikambanana masina sy firohotana antsika fa tena mirotsaka, toy izany koa ny fiainantsika ny batemy noraisintsika, entintsika manompo amin'ny alalan'ny isika mikatroka, amin'ny alalan'ny fikolokoloana ny diosezy maintso, mpikatrotrota isika amin'ny maha vita batemy antsika,

Ny fahadimy dia isika mivory mandinika ny fiainan'ny fiangonantsika, ny fikambanantsika, manantateraka ny teny tonga nofo eo amintsika isika rehefa mivory,

Ny sajoe fahenina dia ny fankalazana, ny litorjia dia asan'Andriamanitra.

Faly sy ravo miarahaba antsika amin'izao noely izao aho ka mitalaho ny fahasoavan'Andriamanitra mba ho latsapaka amin'ny fiainantsika tokoa ny Tenin'Andriamanitra izay manambara fa eo anivontsika tokoa izy Emanoela, enga anie hirotsaka amintsika tokoa izany fahasoavana izany ka noely hitondra fahasoavana, fifankatiavana, fampihavanana, sy fahamarinana ho antsika tokoa izao Noely izao ka hitondra antsika amin'ny fankalazana ny faha 100 taona ny FET sy ny kongresy eokarisitika ka amin'izay ho tena EOV misionera tokoa isika manorina ETA eto anivon'ny diosezintsika sy ny fiainantsika andavanandro ka ho taranaka mpanorina tokoa isika. Joyeux Noël ! Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson